

# LALAO

# TRANOM-BITSIKA



## ANTSAHAMA-ROFOZA

TILY ETO MADAGASIKARA
2014 - 2018
« Ny hoavy no aorintsika »

SCOUTS
Créer un Monde Meilleur

# TRANOM-BITSIKA

Raha endrika ivelany toa tsy maha-taitra
F'izay zava-raiketiny no tena tsy laitra.
Tsy ilay efitrefitra mahavalalanina
Fa ireo zava-tsoa maro azo tavanina.

Ny rindran-damin'ny fiaraha-miaina!
Fifanampian'ny maro tsy hay tohaina
Ny miasa…miasa mandrafitra trano
Ny hafa kosa miaro tsy hidiran'angano.

Anatiny ao toa tsy haiko ny hanambara
Misy amby ampy ho an'ny dimby sy fara
K'izay mangetaheta… migoka tantely
Ny mahatsiaro noana…manombina kely.

Ny fifampizaràna tsy misy vanim-potoana:
Andro aman'alina, rininina sy lohataona
Tsy matory fa miasa mitaona tsy mitsahatra
Ho enti-mitsinjo ilay fahavaratra

Ny tsara ho tahafina amin'ity tranontsika
Dia ilay loharano mamy tovozin-tsy ritra;
An'alin-kisa no nandalo nitrandraka foana
Fa izy eo ihany…mivoatra…manaraka vanimpotoana.

**Vitsika mpitarika**
**(** 13 des 2017, 7ora maraina)

# *INONA MOA NO TEBOKA TELO LEHIBE AO AMIN'NY LALAO ?*

HIARAKA ISIKA HITONDRA AM-BAVAKA NY FANORENANA

**** Raha tsy Jehovah no manao ny trano, dia miasa foana ny mpanao azy Salamo 127 : 1***

HIARAKA ISIKA HANORINA TONTOLO TSARATSARA KOKOA

**** Créer un monde meilleur, ensemble vers l'excellence***

HIARAKA ISIKA HANDRAY ANJARA BIRIKY AMIN'NY FAMITANA IZANY

**** « Tao-trano tsy efan'irery »***

# TRANOM-BITSIKA



## *HEVITRY NY TRANOM-BITSIKA*

Misy ohabolana Malagasy iray mamehy ny toe-tsaina tiana ampitaina amin'ity Lalao Tranombitsika ity :

***« Tsy misy kely tahaka ny vitsika fa rehefa miray hina mahavita trano »***

Izany toe-tsaina izany indrindra no iarahantsika rehetra mampiaina mandritr'ity Lalao ity, ilazana fa raha « vitsika » iray na hanao ezaka sy asa tahaky ny inona aza dia tsy hahatsangana na inona na inona velively, arak'ilay ohabolana hitantsika manao hoe « ny tao-trano tsy efan'ny irery »

Ny fitambaran'ny ezaka ataon'ny tsirairay, na kely na lehibe, na antitra na tanora, no mirindra sy miray tanjona hahatonga ny kinasa ho tanteraka.

Hoy indrindra ny Ntaolo Malagasy nanindry izany :
***« Ny Firaisankina no hery »***

## *FIZOTRANY ANKAPOBENY*

Miala eo amin'ny toerana 0 ny TB izay hisy 6 mitovy, homena ofisialy ny FP Analamanga 5 (Toerana 0 = Antsahamarofoza)

Samy hahazo ny tondrozotra momba ny lalao izy ireo

Samy hanana ny lalany ireo TB ireo izay homena anarana TB Atsimo, Avaratra, Antsinanana, Andrefana, Afovoany ary TB Foibe

Mandritry ny fitazonan'ny Faritany ny TB dia manao fandaminana izy ireo mba samy handray anjara amin'ny famenoana azy ny mpikambana tsirairay

Hisy faharetany ny fitazonana ny TB ao amin'ny Faritany, ary hifandamina izy ireo amin'ny handefasana azy any amin'ny Faritany voatondro manaraka

## *ATAO MANDRITRA 1 VOLANA MAHA EO NY TRANOM-BITSIKA*

- Mandray ny tranom-bitsika ofisialy avy amin'izay nandefa azy ary manamarika izany amin'ny alalan'ny sary

- Mandrindra ny fivondronana misy ao amin'ny faritany ny andro sy/na ora handraisany izany

- Mandamina ny tabilao mirakitra ny anarana sy anjara birikin'ny tsirairay isam-pivondronana


- Manome ny toro-marika rehetra hiarovana ny kalitaon'ny zavatra miasa rehetra anatin'ny lalao (TB, boky volamena, tondrozotra, dian-tanana,..)

- Mandefa ny TB any amin'ny faritany voalaza handefasana izany

# FIRAISAN-KINA



## *LALANA IZORAN'NY TRANOMBITSIKA*



# FENOIN'NY ISAM-IVONDRONANA

TILY ETO MADAGASIKARA
2014 - 2018
« Ny hoavy no aorintsika »
BP 771 Foyer des Jeunes • Antsahamanitra
mail : foibe.tily@scout.mg
web : www.scout.mg

« Asehoy ny tenanao ho fianarana ny asa tsara » Tit 2:7

## ANJARA BIRIKIN'NY ISAM-PIVONDRONANA

**FARITANY :** **BONGOLAVA**

**FIVONDRONANA :** 65è - Fivondronana Finoana - FLM Ambodimanga -

**Laharana - Anaran'ny Fivondronana - Fiangonana*

| N° | ANARANA | FANAMPINY | FIANTSO na TOTEM | SAMPANA | ISA BIRIKY | BIRIKY IRAY | TOTALY |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | RAKOTO | Haja | Keto Sariaka | MAITSO | 2 | 100.00 | 200.00 |
| 2 | RABE | Mandamina | Kiantsy Mailaka | MAITSO | 2 | 100.00 | 200.00 |
| 3 | RANDRIA | Tony | - | MENA | 3 | 100.00 | 300.00 |
| 4 | RAZANDRY | Mahatoky | - | MENAFIFY | 2 | 100.00 | 200.00 |
| 5 | MAHERY | Nantenaina | Viko Mazoto | MPIANDRAIKITRA | 5 | 100.00 | 500.00 |
| 6 | RAKOTO | Haja | Keto Sariaka | MAITSO | 5 | 100.00 | 500.00 |
| 7 | RABE | Mandamina | Kiantsy Mailaka | MAITSO | 6 | 100.00 | 600.00 |
| 8 | RANDRIA | Tony | - | MENA | 7 | 100.00 | 700.00 |
| 9 | RAZANDRY | Mahatoky | - | MENAFIFY | 2 | 100.00 | 200.00 |
| 10 | MAHERY | Nantenaina | Viko Mazoto | MPIANDRAIKITRA | 2 | 100.00 | 200.00 |
| 11 | RAKOTO | Haja | Keto Sariaka | MAITSO | 3 | 100.00 | 300.00 |
| 12 | RABE | Mandamina | Kiantsy Mailaka | MAITSO | 2 | 100.00 | 200.00 |
| 13 | RANDRIA | Tony | - | MENA | 5 | 100.00 | 500.00 |
| 14 | RAZANDRY | Mahatoky | - | MENAFIFY | 5 | 100.00 | 500.00 |
| 15 | MAHERY | Nantenaina | Viko Mazoto | MPIANDRAIKITRA | 15 | 100.00 | 1,500.00 |
| 16 | RAKOTO | Haja | Keto Sariaka | MAITSO | 7 | 100.00 | 700.00 |
| 17 | RAZANDRY | Mahatoky | - | MENAFIFY | 5 | 100.00 | 500.00 |
| 18 | MAHERY | Nantenaina | Viko Mazoto | MPIANDRAIKITRA | 6 | 100.00 | 600.00 |
| 19 | RAKOTO | Haja | Keto Sariaka | MAITSO | 3 | 100.00 | 300.00 |
| 20 | RABE | Mandamina | Kiantsy Mailaka | MAITSO | 15 | 100.00 | 1,500.00 |
| | | | | | | | **10,200.00** |

**TOTALY PEJY 1 ......... :** *10 200 Ar*

SCOUTS

# FENOIN'NY ISAM-PIVONDRONANA

**ANJARA BIRIKIN'NY ISAM-PIVONDRONANA**

FARITANY : **BONGOLAVA**

FIVONDRONANA : 65è - Fivondronana Finoana - FLM Ambodimanga -

**Laharana - Anaran'ny Fivondronana - Fiangonana*

Totaly pejy teo aloha : 10 200,00

| N° | ANARANA | FANAMPINY | FIANTSO na TOTEM | SAMPANA | ISA BIRI | BIRIKY IRAY | TOTALY |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 21 | RAKOTO | Haja | Keto Sariaka | MAITSO | 2 | 100,00 | 200,00 |
| 22 | RABE | Mandamina | Kiantsy Mailaka | MAITSO | 2 | 100,00 | 200,00 |
| 23 | RANDRIA | Tony | - | MENA | 3 | 100,00 | 300,00 |
| 24 | RAZANDRY | Mahatoky | - | MENAFIFY | 2 | 100,00 | 200,00 |
| 25 | MAHERY | Nantenaina | Viko Mazoto | MPIANDRAIKITRA | 5 | 100,00 | 500,00 |
| | | | | | | | - |
| | | | | | | | - |
| | | | | | | | - |
| | | | | | | | - |
| | | | | | | | - |

Totaly Pejy farany: 1 400,00

TOTALY : *Onze mille six cent Ariary*

TOTALY ANJARA BIRIKY: **11 600,00**

| | | |
|---|---|---|
| X | ORANGE MONEY | 032 xx xxx xx |
| | AIRTEL MONEY | 033 xx xxx xx |

MPANDEFA : 033 12 222 22

Daty : 30/12/2017

*Laharana nandefasana

☐ BANKY BOA

IVON-TOERAM-PIOFANANA ANTSAHAMAROFOZA

BOA MAHAZO 00009 xxxxx xxxxx xxxxx

MPANDEFA :

Daty :

Nandoavana vola

*(topokilo avotsaka anaty tranom-bitsika)*

FARITANY : **BONGOLAVA**

TOTALY ANJARA BIRIKY: **11 600,00**

FIVONDRONANA : 65è - Fivondronana Finoana - FLM Ambodimanga -

**Laharana - Anaran'ny Fivondronana - Fiangonana*

| | | |
|---|---|---|
| X | ORANGE MONEY | 032 xx xxx xx |
| | AIRTEL MONEY | 033 xx xxx xx |

MPANDEFA : 033 12 222 22

Daty : 30/12/2017

**Laharana nandefasana na référence Paiement*

☐ BANKY BOA

IVON-TOERAM-PIOFANANA ANTSAHAMAROFOZA

BOA MAHAZO 00009 xxxxx xxxxx xxxxx

MPANDEFA :

Daty :

Nandoavana vola ☐ *Virement bancaire* ☐ *Versement espèces*

Sonia :

SCOUTS

# FENOIN'NY RAFITRA HAFA NA NY TSIRAIRAY

TILY ETO MADAGASIKARA
2014 - 2018
« Ny hoavy no achintsika »

« Asehoy ny tenanao ho fianarana ny asa tsara » Tit 2:7

## ANJARA TAO-TRANO ISAKY NY RAFITRA na TSIRAIRAY

FARITANY : **BONGOLAVA**

FIVONDRONANA : 65è - Fivondronana Finoana - FLM Ambodimanga -

**Laharana - Anaran'ny Fivondronana - Fiangonana*

Totaly pejy teo aloha : 10 200,00

| N° | RAFITRA | FANOMEZANA | TOTALY | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|---|
| 1 | KOMITIM-PIVONDRONANA | 40 000 Ar | 40 000 Ar | |
| 2 | TILY TRANAINY | 35 000 Ar | 35 000 Ar | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |

Totaly Pejy farany: -

TOTALY : *Soixante-quinze mille ariary*

TOTALY ANJARA TAO-TRANO: **75 000,00**

| | | | |
|---|---|---|---|
| ☐ ORANGE MONEY | 032 xx xxx xx | X | BANKY BOA |
| ☐ AIRTEL MONEY | 033 xx xxx xx | | IVON-TOERAM-PIOFANANA ANTSAHAMAROFOZA |
| | | | BOA MAHAZO 00009 xxxxx xxxxx xxxxx |

MPANDEFA :
Daty :

* Laharana nandefasana

MPANDEFA :
Daty :
Nandoavana vola

*(tapakila arotsaka anaty tranom-bitsika)*

FARITANY : **KP sy FMT2S**

TOTALY ANJARA TAO-TRANO: **75 000,00**

RAFITRA na TSIRAIRAY: 65è - Fivondronana Finoana - FLM Ambodimanga -

**Laharana - Anaran'ny Fivondronana - Fiangonana*

| | | | |
|---|---|---|---|
| ☐ ORANGE MONEY | 032 xx xxx xx | X | BANKY BOA |
| ☐ AIRTEL MONEY | 033 xx xxx xx | | IVON-TOERAM-PIOFANANA ANTSAHAMAROFOZA |
| | | | BOA MAHAZO 00009 xxxxx xxxxx xxxxx |

MPANDEFA :
Daty :

** Laharana nandefasana na référence Paiement*

MPANDEFA :
Daty :
Nandoavana vola

X *Virement bancaire*
☐ *Versement espèces*

Sonia :

SCOUTS Créer un Monde Meilleur

## *CEREMONIE FAMPITANA TRANOMBITSIKA*

- Mifamotoana mialoha ny Faritany handray sy hanatitra (Toerana, fotoana)
- Samy manao FANAMIANA ara-dalàna ny mpanatitra sy mpandray
- Manao FIFAMORIANA SKOTO (ialohavan'ny « Indreto Vonona » sy faranana amin'ny « Ho tiavinay » !)

***FARITANY MANDRAY :*** MIARAHABA sy MANOME FITENENANA NY MANATITRA

***« Fifaliana ho anay eto amin'ny Faritany …. no miarahaba anareo Faritany … tonga soa eto aminay, ankehitriny ary omena anareo ny fitenenana »***

***MPANATITRA :*** MANOLOTRA OFISIALY

***Misaotra an'Andriamanitra lehibe izahay nitantana ny dianay, ka na lavitra sy sarotra aza dia tonga soa eto aminareo ankehitriny. Efa nahavita ny anjara birikinay izahay dia indro mamita ny iraka amin'ny fanaterana izany. Ankehitriny ary mangataka ny FP handroso eto anoloana ho tolorana izany ofisialy.***

***MANOLOTRA OFISIALY NY TRANOMBITSIKA***

***(Endrika : Tanana havia mandray ny tranombitsika, tanana havanana manao salut)***

## NY ATAO ANTSIPIRIHANY AMIN'NY TRANOMBITSIKA

Izay rehetra mandray ny Tranombitsika dia ireto no dingana arahany :

1) Mivavaka ho an'ny Fanorenana (Toe-tsaina Kristiana)

2 )Mameno ny tabilao misy ny fandraisana anjara biriky. Misy iray manangona ny vola ho an'ny fivondronana.

3) Mandefa ny vola any amin'ny Banky, na Mobile Banking (Orange Money sy Airtel Money)

4) Manety tapany ambany amin'ny tabilao ary mandefa izany ao anaty Tranombitsika

5) Maka sary sy mametraka fahatsiarovana anaty Boky Volamena

# FANAMARIHANA sy TSARA HO FANTATRA

- TSY MISY EKIPA NASIONALY MANDRAY VOLA « ESPECES » MBA HAMPISY MANGARAHANA NY FIZOTRY NY VOLA REHETRA
- RAHA MISY MANAM-PANIRIANA HANAO EZAKA ANKOATRY NY FOTOANA HANDALOVAN'NY TRANOMBITSIKA AO AMINY DIA HISY TRANOMBITSIKA ATSANGANA AO ANTSAHAMANITRA, KA ROSIA NANDROTSAHANA BANKY NA ORANGE MONEY NA AIRTEL MONEY NO AROTSANY AO FA TSY VOLA (cf ROSIA TAO-TRANO)
- TSY MISY FANAVAHANA FA IZAY REHETRA TE HANDRAY ANJARA, NA MPIKAMBANA, NA MPANAZAVA, NA TRANAINY, NA SAKAIZA sns… dia RAISINA AMIN'NY FO FENO FIFALIANA AVOKOA
- HIEZAKA HAMOAKA MARIKA HITA MASO KELY NY FOIBE TILY (auto-collant) MBA HO FANKASITRAHANA IZAY REHETRA NANDRAY ANJARA
- RAHA TRATRAN'NY FARITANY MANDRAY NY MANOMANA KARAZANA AGAPE KELY IARAHANA MIHINANA HO MARIKY NY FIRAHALAHIANA. TSY ANDANIANA VOLA AKORY FA OHATRA KOBA, VOMANGA, IZAY ZAVA-MISY EO AN-TOERANA
- NY BOKY VOLAMENA DIA NY ANALAMANGA DIMY IZAY IAINGAN'NY TRANOMBITSIKA NO HAMORONA AZY, NY BOKY VOLAMENA FOIBE IZAY HITETY ETO ANTANANARIVO IHANY NO HATAON'NY FOIBE
- NY FARITANY TILY IHANY NO MANAO SONIA EO AMIN'NY DIAN-TANANA IZAY HANDEHANDEHA HITETY FARITANY, METY HO PETA-KOFEHY, NA LOKO… ATAO HAY VAKIANA TSARA FOTSINY
- ANGATAHANA MANOKANA NY ANALAMANGA 5 MBA HANENTANA TSARA NY LALAO SATRIA IZAY ATAON'IZY IREO NO ARAHAN'NY ANY AORIANA, ARY TSY HAKA TOERANA BE LOATRA KOA AMIN'IREO SONIA IZAY ATAON'NY FIVONDRONANA TSIRAIRAY MBA HO AMPY NY REHETRA
- RAHA MISY TRANAINY NA SAKAIZA MANAM-PANIRIANA HANOHANA MANOKANA, ARA-BOLA NA ARA-MATERIALY NA ARA-SOSO-KEVITRA DIA RAISINA AN-TANANDROA, RAISINA MANOKANA ANARANA SY MOMBAMOMBA AZY IREO ARY ATAMBATRA AMIN'NY FISAORANA NY REHETRA (Fanohanana tsy manaraka lalan'ny tranombitsika)
- RAHA MISY TE HANAO FANOMEZANA MATERIALY (ohatra Ciments, vato, tafo, kojakoja samihafa…) DIA TSY MAINTSY MIFANANTONA AMIN'NY TOMPON'ANDRAIKITRA ARA-TEKNIKA ALOHA, MBA HIFANOJOANA TSARA EO AMIN'NY ZAVATRA REHETRA
- « ORANGE MONEY » sy « AIRTEL MONEY » IHANY NO NOFIDIANA HANAOVANA NY TOLOTRA SATRIA « BOA » NO BANKY NOSOKAFANA MOMBA NY TAO-TRANO KA IREO NO AFAKA MIFAMPITA VOLA (Transfert)

- TSARA HO FANTATSIKA FA MANDRAY VOLA IHANY NO AFAKA ATAON'ITY ORANGE/AIRTEL MONEY ITY, SY MANDEFA MIVANTANA MANKANY AMIN'NY BOA, FA TSY AFAKA MAKA VOLA AVY AMIN'NY KAONTY BANKY, TSY AFAKA MISINTONA VOLA.
- ISAM-BOLANA DIA HISY TATITRA ARA-BOLA MOMBA NY VOLA VOARAY REHETRA NANDRITRY NY VOLANA.
- NY AO AMIN'NY LAFINY TEKNIKA IHANY KOA DIA HIEZAKA HANAO TATITRA ARAK'IZAY TRATRA MOMBA NY FANDROSOAN'NY ASA SY NY VOLA NIVOAKA REHETRA

## *FOMBAM-BAVAKA AMIN'NY FANDRAISANA TRANOM-BITSIKA*

- Hira : 305 " Ô Miasà sakaiza, Jeso no herinao " ( hiraina manontolo)
- Vavaka ataon'ny Filohan'ny APF
- Vakiana ny Ohb 6:6-9 (rehefa mifarana ny vakiteny, ilay mpamaky teny miteny hoe " Amen " (koa) ..... " ***Mandehana any amin'ny vitsika***" ....Ny rehetra miara-miteny hoe : ..." ***Diniho ny fanaony, ka mba hendre***".
- Fanazavana Soratra Masina fohy (Araon'ny APF)
- Hira Skoto iray.
- Vavaka faranana amin'ny " Rainay izay any an-danitra"
- Tso-drano

# *ANJARA BIRIKY*

| | Isa biriky | Vidin'ny iray | Totaly |
|---|---|---|---|
| Sampana Mavo | 2 | 100 Ar | 200 Ar |
| Sampana Maitso | 5 | 100 Ar | 500 Ar |
| Sampana Mena / Menafify / Mpiandraikitra | 10 | 100 Ar | 1000 Ar |
| Filoha / TP TEM KP | 20 | 100 Ar | 2000 Ar |
| Foibe / KOPA / FMT2S | 50 | 100 Ar | 5000 Ar |

# *HAFATRO HO AN'ISE*

Ho aminareo rehetra izay ao amin'i Kristy anie ny Fiadanana I Pet5.14

Ao anatin'ny Asa fikarohana ataon'ireo nanatrika fanofanana mpanofana ny famolavolana tetikasa. Isan'ny tetikasa iray natolotra ny taripanofanana TEM ny fananganana ivontoerana fanofanana ho an'ny fikambanana Tily Eto Madagasikara izay tanterahina ankehitriny.

Fa Andriamanitra no miasa ao anatintsika na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony, koa :

> ***Mazotoar'ise, mazotoa mandray anjara,***
> ***An'ny Tompo io ary asa tena tsara,***
> ***Mazotoa r'ise mitolona, mivavaka,***
> ***Ise hitombo hery, ny Voninahiny hiavaka.***

**RAKOTOMAVO Tsiory,**
Filohan'ny Taripanofanana TEM (2014-2018)

Misaotra an'Andriamanitra lehibe isika ny amin'ny nifidianan'ny Fikambanana Tily eto Madagasikara ny bokin'ny Ohabolana 6 :6, hakana ohatra ny amin'ny fiainan'ny « vitsika ».

Ny tiako asongadina dia ny fahendren'Andriamanitra Mpamorona ny zava-boary, ka avy amin'ilay zava-manan'aina anisan'ny bitika indrindra no iafenan'ny fahendrena lalina tokony ianarantsika. Ankoatra ny fahavitrihany sy ny fahazotoany miara-miasa sy mifandray ary, dia iray amin'ny fahendrena ananan'ny vitsika dia ny fitadiavany ny namany raha misy iray very!!! Taominy iny hiverina hiaraka amin'ny maro hahavita ny asa iraisana!
Ny lehibe mitondra ny entana mavesatra, ny kely miantso ny namany hiaraka hilanja izay mety ho zaka.

Alao hery ary, andeha tadiavo ny naman'ise very, aza misy ariana, andao hiaraka hifandrimbona hahatrarantsika ny tanjona iraisana, fa ho vitantsika mora foana ny ezaka ao anaty firaisam-po sy fifankatiavana: soatoavina Tily izany!
Ny Tompo hanafy hery sy hitarika antsika amin'ny fahendrena .

Mankasitraka ny Foibe Tily Eto Madagasikara amin'ny fanomanana sy fitarihana izao hetsika izao.
Ny Tompo hanafy hery sy hitarika antsika amin'ny fahendrena .

**Faramalala ANDRIAMANJATO**
(Railovy Mahatoky)
*Filohan'ny Komity Lehibe MTEM*

Ry havana,

Lehibe sy goavana tokoa izao ezaka kasain'ny Foibe Tily eto Madagasikara ho tanterahina amin'ny alalan'izao lalao Tranom-bitsika izao.
Koa dia mankahery anareo tompon'andraikitra ao amin'ny FSM sy hoan'ny Skoto rehetra mba ahatontosa izany.
Manentana ny tsara sitrapo rehetra ihany koa hifanolo-tanana amin'izany. Ento ny anjara birikinao fa ny herikerika tokoa mahatondra-drano.
Koa sahia mandroso, matokisa ary manana finoana fa Ilay Andriamanitra Tompon'ny asa no momba anareo.

**Mgr Ranarivelo Samoela Jaona**
Filohan'ny Eklesia Episkopaly Malagasy

"Mandehana any amin'ny vitsika, ry ilay malaina; Diniho ny fanaony, ka mba hendre" Ohab.6:6
Maro ireo olona mitady olon-dehibe na olo-malaza tiany halaina tahaka na hatao modelin'ny fiainany. Matetika ireny dia heverin'ny olona fa antoky ny fahombiazany. Amin'izao fotoana izao dia tsy vitsy no mitaraina fa toa very hevitra satria tsy mahita olo-malaza hataony fitaratra? Toa mitarika ho amin'ny fahaverezan-kevitra ny fahitany ny fiainan'ny Malagasy ankehitriny? Aiza ny olom-banona hoy ny fanontaniana? Aiza ny olona olona vonona hoy ny resaka re etsy sy eroa? Tsy ny SKOTO (Tily sy Mpanazava) ve no mpitaiza, manomana ny olona VONONA sy VANONA? Mbola misy ve izany? Mahatazona ny tarazo SKOTO tokoa ve ka mahavokatra olona VONONA sy VANONA ho an'ny firenena?

Isaorana an'i Jesosy fa tsy lefy laza ary tsy tontan'ny ela ny fanabeazana SKOTO! Manana ny toerany izany eto MAdagasikara! Na misy ihany aza ny saonjo iray lohasa dia tsy mandraraka ILO AMBY ANDOHA ny SOKOTO! Isaorana ny tompon'andraikitra rehetra ny fanetsahana ny hery rehetra amin'izao fananganana ny TRANO FOIBE SKOTO izao!

Raha jerena ity Ohabolana ity dia tsy mampitodika amin'ny olo-malaza ny SKOTO fa mampandinika any amin'izay heverina ho kely mila tsy ho hita akory aza! Mitaona antsika hitodika bebe kokoa amin'ny Tenin'Andriamanitra ny SKOTO. Koa manainga ny Voronkely sy ny Lovito rehetra hianaran'ny aolona ambony maro koa.

Biby faran'izay madinika ny vitsika fa mahavita trano tsara sy lehibe honenan'izy mianakavy. Biby madinika ny vitsika fa manam-pahendrena lalina sy miaina ny fifankatiavana. Tsy diso raha any amin'ny biby madinika toy ireny ny Tily no maka ny filamatra! Tsy ny Tily ihany fa ny Mpanazava koa!

Tsy mba niandry fanampiana avy any ivelany ny vitsika ary tsy nitaraina mba ahavitany tsar any lapasoany! Tena fahalementsaina ny tsy ahafahana mihetsika ahavita ny tokony hatao sy izay ilaina. Koa inoana fa ny SKOTO izay mamolavola olona VANONA sy VONONA dia ahavita tokoa ity trano FOIBE ity amin'ny fianarana ny fiainam-piaraha-monin'ny vitsika! Kely na madinika fa mahavita trano lehibe. Sanatria tsy ny SKOTO no hilaza ho vitsy an'isa! Tsy ny hampitondra enta mavesatra ny Voronkely sy ny Lovito izany fa ny fampamdraisana anjara ny rehetra kosa. Marina tanteraka ho antsika ny hoe: Erikerika maha-tondra-drano!

Andeha ary hiara-miezaka fa aza miandry ny hafa hanao ny tranontsika! Mety misy tokoa firenen-dehibe na olon-dehibe afaka ny hanampy? Tsy hanao ranon'Ikopa akory isika ka ho tonga namana vao ho mavomavo! Ny ezaka rehetra vitan'ny Voronkely sy ny Lovito no aoka hatao tsara lazaina amin'ny ray aman-dreny! Inoana fa hampieritreritra ny manam-panahy izany ka tsy hamela azy ireo hijery na hitazana fotsiny!

Hianatra amin'ny vitsika isika SKOTO! Fa hampianatra zavatra maro ireo ray aman-dreny eto amin'ny firenena koa izany! Tsy fampianarana ahavitana tsara ity TRANOM-BITSIKA ity fotsiny! Fa fampianarana lehibe ho an'ny fiaraha-monina Malagasy sy ny ho fomba fitondrana ny FIRENENA koa!

Mirary fahombiazana tanteraka ho an'ny ezaka rehetra atao!

**Pastora Dr RAKOTONIRINA David**
Filohan'ny FLM
ZAP Nasionalin'ny Foibe MTEM tany aloha

Antsoina ise mba tena havitrika
Hanangana ito tranombitsika
Ka hanolotra am-pitiavana
Sy hiasa am-piniavana
Hitory filazantsara
Ho soa ho an'i gasikara!

**Pasteur Ammi Irako Andriamahazosoa**
*Filohan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy Eto Madagasikara*

Andriamanitra misahana ary masahana izao rehetr'izao,indrindra ny asam panompoana Azy, araka ny sokajiny avy,ary manome ny fanomezampahasoavana tandrify ny tsirairay ary ny sampan'asa misy ny rehetra.

Koa Izy Tompo Rain'i Jesosy Kristy anie homba ny MTM ny tomponan'andraikitra ao aminy ,homba ny asanareo sy ny fanompoanareo amin'ny fotoana rehetra anie Izy.Ary ho aminareo zanany ny fahasoavany rehetra.

**Pasteur Ranaivo Rabevary**
*Filohan'ny Fiangonana Misiona Evanjelika Teratany eto Madagasikara (METM)*

Tsy manana komandy, na mpifehy na mpanapaka nefa dia mahavita zavatra lehibe lavitra tsy arakaraka ny iheverana azy ny vitsika. Mihoatra lavitra noho izany isika r'ise amin'izao fananganana ivon-toeram-piofanana izao; koa andao hiray fo, fanahy, saina fa natambatr'Andriamanitra ho iray ihany ato amin'ity fikambanantsika ity. Hanao "Tranom-bitsika" isika!

Dia mirary soa an'ise izahay ahavita be fa tsy foana tsy akory ny fikelezan'ise aina ao amin'ny Tompo!

**Rév RANDRIAMANANIVO David**
*Filohan'ny Misiona Fiangonana Malagasy Tranozozoro Antranobiriky (FMTA)*

Ho an'ny Tily Eto Madagasikara,

Miarahaba an'ise amin'ny anaran'i Jesoa Tompo, Lohan'ny Fikambanana.

**Tranom-bitsika ?**

Mampahatsiaro ahy avy hatrany ny sary an'ohatra toa sangisangy zary tenany nefa mifono hevi-dalina momba ny fiainana maha skoto nataon'i Filoha Maky Mampifaly fony fahavelony. Ny olona mieboebo, tia ho deraina na manasandra-tena, hoy izy, no mitaingina tranom-bitsika mba ho hita tsara na mba hiavaka amin'ny hafa. Azontsika Mpanabe Tily tsara ny tiany ambara amin'izany.

**Fahendrena ?**

Ny fahendrena dia ny fatahorana an'Andriamanitra amin'ny fomba entina itondrana ny Fikambanana ara-pandaminana, ara-bola ary indrindra ara-pitondra tena ho antsika olon-dehibe, Mpanabe, Mpanofana.

**Toera-piofanana ?**

Koa na misy na tsy nisy ny "tranom-bitsika", izay tsy hahasahana ny faritany Tily rehetra, dia azontsika atao tsara ny mampiroborobo ny fanahy sy toe-tsaina skoto amin'ny lasy fiofanana samihafa efa nataontsika ary mbola tohizantsika hatramin'izao.

**Inona no fanamby ?**

Hanofana Mpanabe Tily matahotra an'Andriamanitra,, feno ny fanahy fahendrena ary vonto ny skotisma Tily. Koa tsy ny trano no inona fa ny toerana rehetra dia azo anaovana izany manerana ny Nosy rehefa vonona isika. Voaporofon'ireo zokibe rehetra tany aloha izany : manofana ny maha olona feno miainga avy amin'ny eo am-pelatànana, tsy mila vola be, tsy mila tetikasa lehibe, kanefa dia nampitolagaga ny vokatry ny fanabeazana nalaina avy tany an-doharano (anontanio ny Filoha isany izay mbola velona : Filoha Ramino Paul, Filoha Do Fetsy, Filoha Marius Ramanankasina, Filoha Henri Rakotondramanitra).

Manainga sy mamporisika ny Tily Eto Madagasikara tsy ho taitaitra amin'ny hazo midoroboka fa hiezaka handalina ny fakany.

"Ka dia tsinotsinona izay mamboly na mandena, fa Andriamanitra izay mampitombo no Izy" I Kor 3 : 7

Mahereza daholo

Tànana havia

**Ara mientana**
*Filoha Foibe Tily Eto Madagasikara 2002 - 2006*

“Mandehana…diniho ny fanaon’ny vitsika ka mba hendre”. Ohab. 6, 6

Hatramin’izay 93 taona niorenan’ny Tily eto Madagasikara izay, Ireo mpitantana nifandimby teto amin’ny Fikambananantsika dia samy nitondra ny anjara birikiny amin’ny fampandrosoana sy fampiroboroboana ny asa fanabeazana sy ny manodidina azy; fa izany rahateo no iraka nomena hotanterahiny, ary tsy manam-pahataperana izany raha tsy tonga eny amin’ny rahon’ny lanitra ny Tompo.

Isaorantsika lehibe Andriamanitra tamin’ny fanomezam-pahasoavana samihafa nomeny ny Mpiray dia Foibe Tily ankehitriny ka hahazoana miroso amin’izao fananganana ivon-toerampiofanana izao. Ny andrasana amintsika fianakaviamben’ny Tily eto Madagasikara tsy ankanavaka dia ny fanohanana izany tetikasa izany, Asa vadi-drano rahateo izany ka tsy ho vita tsy ifanakonana. Isika rehetra no hisitraka ny fijoroan’ny foto-drafitr’asa,

Koa atambaro ny hery, ialào ny halako bika tsy tiako tarehy, mifonà ho antsika Tily ary mivavaha mafy ho an’ny tetikasa, Aoka izay sitrapon’ny Tompo no hotanteraka. “Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovanahahatanteraka ny sitrapony.” Fil.2, 13 (Des. 2017)

**Ny Hasina RAKOTONDRAJAO Z.**
*Filohan’ny Foibe Tily eto Madagasikara*
Taom-piasana 2006-2010

Bitika indrindra amin’ny zavamananaina rehetra ny vitsika, nefa mampianatra ny olombelona ho hendry ny fandinihana ireo toetra sy fomba fiasany: Tsy matanjaka be, tsy mila komandy, tsy mila mpifehy, tsy mila mpanapaka, miasa ankalalahana, nefa miray hina mahangona ny sakafony mandavataona. Izay toetra mahatsinjo lavitra (prevoyant) sady mahatojo izay no mahatonga ny vitsika ho fianarana ho lasa hendry. Ise Tily io no vitsika hoan’ny fiarahamonina Mihatsara hatrany! Ho todisoa anie ny Tranom-bitsika !

**RATOVOHERY Lanto na Mamba maharitra**
*Filohan’ny Foibe Tily eto Madagasikara*
Taom-piasana 2010 - 2014

Hiatrika dingana vaovao lehibe indray isika Tily eto Madagasikara amin’ny hanorenana ao Antsahamarofoza ny ivon-toeram-piofanana ho an’ny Fikambanana. An-taonany maro no nitondrana am-bavaka ny hananantsika fitaovana enti-manabe toy izany. Ary ankehitriny no fotoana atolotr’Andriamanitra hanombohantsika ny fanatanterahana ny fananganana izany.

Noraisin’ny Foibem-pikambanana ny Tenin’ny Soratra Masina : « Mandehana … diniho ny fanaon’ny vitsika ka mba hendre » Ohab. 6 : 6. Handalo any amin’ny Faritany rehetra ny : TRANOM-BITSIKA.

Lalao hanentanana ny rehetra handraisany anjara mavitrika ka samy hitondra izay zakany, toy ny vitsika, isika ho porofon’ny fiombonan’aina sy firaisankina amin’ny fananganana io ivon-toerana io.

Koa alao hery ary fa ny vinantsika Tily eto Madagasikara dia ny hanome Skotisma mendrika sy sahaza ity Nosy malalantsika ity.

**Filoha RAMINO Paul**
*Filoha Tari-panofanana voalohany teto Madagasikara*
Ekipa Foibe nandritry taona maro nifandimby

Miarahaba ny Tily rehetra,

**Ohab 6.6 :** Maniraka hihetsika (mouvement); handray lesona @ zavaboary raha tojo hakamoana; hampiasa ny maso sy ny saina, hanana faharetana ary tsy hihevi-tena ho hendry (Ohab. 3.7)

Ankehitriny, efa mihasarotra ny mahita toerana hanofanana sy hilasiana (miangavy, mindrana, manofa...), ary na ny hivoriana (local, valan-tsokajy), ny ankalamanjana hanaovana fivoahana an-tsaha sy fisindana aza, koa kajio sy hatsarao izay tany sy trano mety hananana. Talenta nomen'ny Tompo ho andraikitra hampitomboina koa ireny, sady lova sarobidy hapetraka ho an'ny fara mandimby.

**Tranom-bitsika :** Vavolombelona mijoro vokatry ny Zoto sy Tozo, Koja sy Kajy, Fiaretana sy Fiaraha-mientana... Ireo vitsika ireo izany nampivaingana ny Teny Faneva hoe : "Asehoy ny tenanao ho fianarana ny asa tsara". Ho ambakainy ve ianareo rehetra, Sokajy Vitsika, Antoko, Fivondronana, Faritany VITSIKA!

Mandehana ka mba manaova toy izany koa! Fa aza adino ny Sal.127.1 : Raha tsy ny Tompo no manorina ny trano, dia miasa foana ny mpanorina azy. Raha tsy ny Tompo no miambina ny tanàna, dia miTILY foana ny mpiambina.(DIEM)

Tsy misy tsy ho tontosa Raha FINOANA (FITIAVANA) miavosa no entina hanefena ny zavatra kendrena!

**RAZANAJAONA Solofo na Do Fetsy**
**Ekipa Foibe taona maromaro**
*(niaraka tamin'i Filoha Gaby, Rafaely, Tatà, Doudou no tadidy)*

Miarahaba antsika rehetra amin'ny anaran'ny Tompo,

Mirary indrindra ny hahavitan'ny TRANOM-BITSIKA,izay ho tanterahina ao Antsahamarofoza.
Manentana ny daholobe amin'ny fandraisan' anjara amin'ny fanatontosana izany.

***"Ny herin'ny tsirairay no herin'ny andiany".***
***"Ny herikerika no maha tondra-drano".***
***"Ny hevitry ny maro no mahataka-davitra".***
***"Aoka hifamela isika fa ankasitrahan'Andriamanitra izany".***
***"Ny fitiavana no ambonin'ny zavatra rehetra".***

TILY INDRAY ANDRO TILY MANDRAKIZAY
Tanana havia,

**RAMANANKASINA Marius**
*(Tari-panofanana-TP 4)*

Nobeazina,
Nankafy,
Nankamamy,
Nisitrika

Nanabe
Niofana
Nitarika
Nizara

Nitantana
Niara-dia
Niara-nampandroso, nananome aina sy hery ny Faritanin'Antananarivo
Nitarika ireo mpiray dia, Filoham-paritany, niray dia tamin'ny Foibe nifandimby in-telo
Nitantana, matianina tao amin'ny Foibe

Natao daholo ny ambaratongam-piofanana misy
Tonga hatramin'ny Mpanofana ny Mpanofana
Nanofana Mpanofana
Filohan'ny Tari-panofanana TPTEM
Filoha Rakoto dia mihaino, mizara ary mbola mizara amin'ny rehetra

Fehiny :
Nandrafitra, nanetry tena ho tia ny hafa
Ny fahombiazana tsy voavidy vola fa fitiavana no zava-dehibe
Tsy misy fitiavana miakatra fa midina
Misokatra ho an'ny rehetra ny varavaranay
Mahereza !

**RAKOTONDRAMANITRA Henri**

Am-panetrentena lehibe no ahazoako mampita hafatra amin'ise amin'ny alalan'ity boky ity anio, ho fanamarihana izao fotoan-dehibe izao.

23 taona lasa izay, no nanirianay hanangana izao toeram-piofanana izao teto amin'ity toerana ity. Nijanona ho nofy ihany anefa izany na dia efa vita hatramin'ny drafitra aza. Ankehitriny, sitraky ny Ray no haha-to ilay « nofy »ho lasa « tena izy ». tsy haiko ny tsy hizara hafaliana amin'ise noho izany. Ho afaka hanovo fahalalàna ao amin'izany ise zandry, zanaka rehetra aty aoriana, araka izay efa novinaina tany aloha, hampivoarana ny fitaizana skoto.

« Tranom-bitsika » ! Fifanandrifian-javatra angamba raha ny anarana no horaisina. Tsy lafatra akory ny zokin'ise, vitsika mpitarika, kanefa efa mba niezaka ihany nampiaina izany araka ny anarana nomena azy. Tsy vitsy taminareo no efa nisitraka ny lalao toy itony. Santionany iray hafa indray ity atolotry ny Ekipa Foibe Tily eto Madagasikara ity ary hanentanana an'ise tily na sakaiza mba haneho fiaraha-miasa, firahalahiana, fifanomezan-tanana sy fifanampiana ao anatin'ny fifanajàna.
Koa andeha hataontsika ho fitaratra hatrany izay voasoratra ao amin'io Ohabolana 6/6 io.
Am-pirahalahiana skoto hatrany .

**RAZAFINDRATSIMBA Julien**
*Vitsika mpitarika, (ekipa foibe TEM taona 1990-2014)*

Dina sy Fanekena

Zao ny Dina sady Fanekena
Ho an'ny Tily sy ny Firenena
Hanompo an'Andriamanitra
Hiasa ho an'ny Tanindrazana
Hanasoa 'ty tany ity no dina
Zotompo sy Firaisankina
no ilaina ka hiraina
Mba hibanjina lay aina

**Filoha Vitika Mitolona**
***ekipa Tily tany am-pitandranomasina***

" Ho an'ise ,

Vakio tsara : Oh 6/6 : Mandehana any amin'ny vitsika ..diniho ny fanaony ka mba hendre ... Dia tohizo ao ao amin'ny Ohabolana ihany toko 30/24,25 : Izao zavatra ( biby ) efatra izao dia kely ..nefa hendre sady mahay : ny vitsika ( ise io ) dia firenena tsy matanjaka ,nefa manangona ny haniny amin'ny fahavaratra izy .

Raha ise Tily vitsika io no ho tonga olon-kendry, hendry , mahay dia ho Tonga firenena ilaina sy hahasoa izao izao ny firenentsika . Itony Tranombitsika aorintsika itony dia hanampy an'ise hahay manompo an'Andriamanitra , miasa ho an' ny Tanindrazana , hanoa ny Lalan'ny Fikambanantsika. Koa tiavo ,kajio ,arovy . Mahereza.

**Jacques Solo Rason ,**
***Filoha tranainy toa @ Foibe Tily ..1959***

Ry TILY eto Madagasikara
Fiadanana ho anao !
Manana hafatra telo ho lazaina amin'se aho

**1- Asehoy ny tenanao ho fianarana ny asa tsara - Tit.2 :7**
Olona manana fahasahiana sy fahavononana handroso no hambara amin'izany, tsy sitrak'Andriamanitra ny fihemorana amin'ny asa fanompoana Azy ; araka ny voasoratra hoe « Fa isika tsy mba naman'izay mihemotra ho amin'ny fahaverezana, fa naman'izay mino ho amin'ny famonjena ny fanahy. » (Heb. 10:39). Ny finoana irery ihany no antoka hahavitana asa tsara, noho izany raha te-hahavita asa tsara ise dia mangataha FINOANA avy amin'Andriamanitra ; hoy ny Tompo « Ary ny oloko marina dia ho velon'ny finoana; Fa raha mihemotra izy, dia tsy sitraky ny fanahiko» (Heb. 10:38). Tsarovy mandrakariva fa ny FAHAVALON'NY ASA TSARA, dia ny TSY FINOANA, ny olona tsy mino na tsy manana finoana dia fahavalon'ny asa tsara izy. Mitaona antsika rehetra (TILY) ny Tompo mba hanana finoana AZY irery ihany ; raha mino Azy isika amin'izao lehibe ataontsika izao dia ho tanteraka tokoa ny Tenin'i Jesoa hoe : « Raha hino ianao, dia ho hitanao ny voninahitr'Andriamanitra » (Jao. 11:40). Koa satria TSARA ny Tompo dia maniraka antsika koa mba ho mpanao ASA TSARA, aoka ary isika ho tonga modely amin'ny asa tsara rehetra. Fa izany no ankasitrahan'ny Tompo ; koa amin'ny fotoan'andro dia hoy ny Tompo aminao hoe : « Hoy ny tompony taminy: Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky; nahatoky tamin'ny kely ianao, dia hotendreko ho mpanapaka ny be; midìra amin'ny fifalian'ny tomponao » (Mat. 25:21).

**2- Mandrosoa ho amin'ny lalina kokoa – Lio. 5 :4**
Ry Skoto malala, mandrosoa, eny mandrosoa amin'ny lalina kokoa, VINA ambonin'ny VINA izany satria TENIN'i JESOA mivantana. Tsy azon'ny fisainana na fahaizana amam-pahalalan'olombelona sakanana na takarina ny FAHEFAN'I JESOA. Nanome Baiko i Jesoa hoe, Mandrosoa ho any amin'ny lalina, dia alatsaho ny haratonareo hahazoana hazandrano. » (Lio. 5:4). Ekeo ary ankehitriny ny Baikon'i Jesoa mba handroso, dia ahita fahombiazana tokoa, eny tsy ho takatry ny sainao akory ny fihevitr'Andriamanitra. Ny olona manaiky ny baikon'i Jesoa mba handroso dia OLONA MIOVA LASI-TSAINA, manana fomba fijery vaovao amin'ny fiainana, satria « Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo. » (2 Kor. 5:17). Ry TILY eto Madagasikara te-handroso ve ise ? Ekeo ny BAIKO sy ny Tari-dalana omen'i Jesoa dia manovà LASI-TSAINA dia ahita fahombiazana be amin'ny ho avy izay mbola tsy fantatrao akory ianao. Eto no tanteraka amin'se ilay « TOE-TSAINA MIABO » ; ny olona manana ny toe-tsaina miabo dia olona manana ny SAIN'I KRISTY (IKor.2 :16), ilay toe-tsaina tsy resin'ny fahalovana samihafa, izay fahavalon'ny fandrosoana amin'ny asan'ny Tompo.

**3- Mandehana .... diniho ny fanaon'ny vitsika, ka mba hendre – Ohb.6 :6**
Fampianarana miainga avy amin'ny zava-misy no omen'ny Soratra Masina ho antsika eto ; misy hetsika sy ezaka lehibe araka izany, tsy maintsy ataon'izay te-ho tafita amin'ny fianarana. Izany hoe avy amin'ny toerana iray nisy anao teo aloha ianao ary mankeo amin'ny toerana iray hafa vaovao mba hanovo fahalalana na fianarana. Ny fiarahamonin'olon-kendry dia misy firaisan-kina, fihavanana, Firaisan-tsaina, tanjona tokana, Fiaraha-miasa, fifandeferana, ary ny miasa, miasa hatrany, MITSINJO NY HO AVY. Ry TILY eto Madagasikara, manana izany ve isika ? ndeh HIANATRA !!! mba tsy ho latsa intsony isika amin'ny hoavy. TILY ETO MADAGASIKARA MAHATSINJO NY HO AVY. Manorina sy mamboly ka manangana ny tsara ho an'ny taranaka amam-para ; « Koa amin'izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankatò azy, dia hoharina amin'ny lehilahy manan-tsaina izy, izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny vatolampy. » (Mat. 7:24). MITSANGANA KA MANORENA ary « Matokia an'i Jehovah mandrakizay, fa Jehovah Tompo no Vatolampy mandrakizay. » (Isa. 26:4)

Ny Filohan'ny APF

**Pasteur RANDRIAMANANTENA SOLO Jean Jacques Séraphin Jhons**
T*ompon'andraikitra ao amin'ny Departemanta Aim-panahin'ny Fikambanana 2014 – 2018*
*FANDRASA Mikalo*

MAMPAHERY AN’ISE :

- ***HIANATRA NY FAHAIZA-MANDRINDRA,***
- ***HANAHAKA NY FIRAISAN-TSAINA,***
- ***HIKATSAKA NY MAHASOA NY REHETRA***

Araka ny fomba fiasan’ny VITSIKA, ilay voaarin’Andriamanitra voambara ao amin’ny Ohab 6.6 amin’izao hetsika fanorenana IVONTOERANA fanofanana hoan’ny TiLy Eto Madagasikara izao sy ho fanomezam-boninahitra Azy Mpamorona.  Ho amin’ise hatrany ny fanahin’ny Fahendrena!

**RAJAO HARILALA Serge**
FIlohan’ny hetsika fanorenana
Biraon’ny Taripanofanana TEM 2014-2018

# *TENY FAMARANANA*



Any ivelany any dia saiky manana ivotoerana fanofanana Skoto avokoa ny Firenena rehetra (Gilwell Park any Angletera, Château de Jambville any Frantsa, KISC any Suisse, ...). Ary misy aza firenena efa lasa lavitra, satria ankoatra ny fananana ivotoerana fiofanana, dia manana ivotoerana lehibe mihofa amin'ny orinasa lehibe, na koa fandraisam-bahiny (Centre d'accueil, Hotel ...) ireo Skoto ao aminy (Japon, Korea Atsimo ...). Ho antsika eto Madagasikara, dia nofinofintsika efa hatry ny ela ny mba hananan'ny Fikambanana ivotoerana (filasiana, fanofanana, fiasana). Manaporofo izany ireo ezaka izay efa nataon'ireo zokintsika teo aloha mba hahazoantsika Tily Eto Madagasikara tany (Idinta, Samboranto Alasora, Antsahamarofoza, Soamahamanina ...).

Niainga amin'ilay vina hoe « Ny hoavy no aorintsika », dia nomen'ny Tompo hevitra ny ekipa Foibe amperin'asa mba hanangana ivotoeram-piofanana. Ireto avy ireo antony telo (3) lehibe nahatonga izany tetikasa izany :

- ***Voalohany,*** mba ho fameloma-maso sy ho fanamaintisa-molaly indray ny tany izay efa nikelezan'ireo zokintsika aina fatratra ny hanoratana azy amin'ny anaran'ny Fikambanantsika.
- ***Faharoa,*** mba ho fandraisana anjara amin'ny asa fanofanana tanora, hampihenana ny tahan'ny tsy fananana asa eto Madagasikara, izay ambony dia ambony amin'izao fotoana izao.
- ***Fahatelo,*** mba ho marika hita maso, hapetraka hodimbiasan'ireo zandrintsika any aoriana, hanohizana hatrany ny Asa Fitoriana Filazantsara amin'ny alalan'ny Skotisma eto amin'ity nosy mamintsika ity

Tsy kisendrasendra no nanomezana anarana ity hetsika ity hoe « Tranom-bitsika », fa miainga avy amin'ny fomba fanabeazana ato anatin'ny Skotisma izay efa mahazatra antsika : « Lovitao : Tontolo nofinofy anaty fiainana nofinofy », « Tily : Tontolo nofinofy anaty fiainana tena izy », « Mpiandalana/Mpitarika : Tontolo tena izy anaty fiainana tena izy ». Koa amin'ny maha lalao ny Skotisma, dia sady hiaraka hilalao isika no hiaraka hanefy toetra : « hianatra sy hanao ireo zavatra tsara fanaon'ny vitsika », hiainga amin'ny tontolo nofinofy ary handeha any amin'ny tontolo tena izy : « hanangana ivotoerana fanofanana ».

Ireto avy ireo zavatra izay iainantsika sy omentsika lanja manokana mandritra ity lalao Tranom-bitsika ity :

- **Fitaizam-panahy sy fifandraisana amin'ny Fiangonana**, ho fahatsiarovana sy ho fanohizana ny asa izay nataon'ireo misionera teto Madagasikara raha

nampiditra ny Filazantsara sy ny Skotisma teto izy ireo tany amin'ny 200 taona lasa,

- **Anjara biriky isaky ny mpikambana ary anjara tao-trano isaky ny rafitra :** handray anjara sy hampandray anjara ara-bola, ara-pitaovana … antsika sy ny manodidina antsika isika, mba hananantsika ivotoeram-panofanana lehibe amin'izao ankatoky ny fankalazana ny faha 100 taona niorenan'ny Skotisma teto Madagasikara izao,

- **Firahalahiana sy fifankatiavana skoto :** hitety ny Faritany sy ny Fivondronana rehetra misy Tily ity lalao ity, ary ireo Tranom-bitsika, Boky Volamena, Sarin-tany… Toro-lalana izay hampiasaina mandritra ny lalao dia raisina sy atolotra araka ny soatoavina skoto, ary horaketina ho vakoka voalohany ao anatin'ilay ivotoeram-panofanana izay ajorontsika.

Eto am-pamaranana dia misaotra an'Andriamanitra lehibe raha afaka nanomboka izao lalao izao, mankasitraka ny Komity Lehibe MTEM sy ireo Ray aman-dreny Filohan'ny Fiangonana mivondrona ato anatin'ny MTEM (EEM, FLM, FJKM, METM, FMTA) izay miahy ity hetsika ity. Mankatelina ny Biraon'ny Taripanofanana Tily Eto Madagasikara izay tompon'andraikitra teknika sy ireo Ekipa Foibe amperin'asa izay niara-namolavola sy nanatontosa ity hetsika ity. Eo koa ianareo Filoha Zoky izay manana toe-tsaina Miabo ka afaka nametraka hafatra sy famporisihina ho an'ny zandry ankehitriny. Mirary antsika mpikambana Tily Eto Madagasikara rehetra samy hazoto tahaka ny vitsika ka hilalao tsara avokoa ahavitantsika ity ivotoeram-piofanana ity !

« Mandehana… diniho ny fanaon'ny vitsika, ka mba hendre » Oha 6 :6

Ho voninahitr'Andriamanitra irery ihany !

**RAOELIJAONA Michel**
(KALIA Miaritra)
*Filoha Foibe Tily Eto Madagasikara 2014 – 2018*



**TILY ETO MADAGASIKARA**

2014 - 2018

« Ny hoavy no aorintsika »

SCOUTS
Créer un Monde Meilleur